Ny Valosoa sy hadihady

Ho fiakaran'ny saran-dalana

Mitaintaina ny tokantrano maro

Raha ny vaovao miparitaka amin'ny onjampeo sy ny tambazotran-tserasera dia hiakatra avo roa heny ny sarandalana eto Antananarivo . Raha 500 ariary izany teo aloha dia re fa hiakatra ho 1000 ariary izany hanomboka ny voalohandohan'ny volana jolay iny, ny marimarina kokoa ny 5 jolay ho avy izao. Avy hatrany dia mitaintaina ny tokantrano maro hoe aiza no hahatakarana izany intsony? Ny fahefa-mividy tsy ahafahana mandoa io sarandalana io . Ny fiakaran'ny vidim-piainana efa tsy takatry ny tokantrano Malagasy intsony . Ny fanjakàna izay mampanantena fa raha vao tonga teo amin'ny fitondràna Andry Rajoelina fa hamirapiratra i Madagasikara , efa nitady ny vahaolana rehetra amin'izany ny tenako hoy izy . Nampanatenaina daholo izao rehetra izao hambaboana ny fon'ny Malagasy efa ketraky ny adim-piainana . Inona anefa no mitranga , 3 taona sy tapany aty aoriana nandraisan'ny filoha Andry Rajoelina ny fitantanana ny firenena ; latsaka any anaty fahantrana lalina ny firenena . Ny delestazy izay nolazainy fa efa niaraka- niasa tamin'ny Amerikana nandritra ny 3 taona sy tapany ny tenany ary mahita vahaolana hialàna aminy delestazy ry zareo . Inona no teo ? haizina andro aman'alina no mahazo ny tokantrano manerana an'i Madagasikara. Jiro tsy mandeha , ny rano manahirana. Tsy misy zavatra mandeha eto amin'ny firenena fa raha resaka bizina sy fisehosehoana ivelany dia tena mandeha tokoa ankehitriny . Hany ka very fanahy mbola velona ny Malagasy . Izay miseho miteny dia fonja sy ny ramatahora no miandry . Ampy anefa ny fepetra ahafahan'ny olona mitaky sy midina andalambe raha izao zavamisy iainana izao hoy ny ny tenin'ilay iraikavavy nahazo fahefana ankehitriny, saingy adinony ny zavatra noteneniny fony izy tsy teo amin'ny fitondràna . Mbola valalabemandry aloha izao ny vahoaka Malagasy , kanefa raha mifoha eo dia hirongatra manerana ny firenena mihitsy raha izao zava-misy izao.

Helisoa

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ilay gala evangelique tany Mahamasina Antananarivo tamin'ny dimanche lasa teo. **Olom-boahosotra**... **Ho ela fanapahana hono**... **lalana tsiny amin'i Rija RASOLONDRAIBE**, **tsy dia mifankaiza amin'ilay mpaminany Johanna ihany rangahy**. **Asa rangahy iny na mba miaina na farafaharatsiny mahita ny zava-misy eto**. **Tsy haiko aloha hoe sitrak'Andriamanitra ve ny lainga? Eken' Andriamanitra ve ny fitaka? Ankatoavin'Andriamanitra ve ny fampanantenana poak'aty?**
Andriamanitra iza ry RIJA RASOLONDRAIBE no mankasitraka sy manaiky ireo notanisaiko rehetra ireo?
Tsy fitaka ve ny filazana fa ho ataony 500 Ar **ny kilaom-bary? Sa Rija RASOLONDRAIBE nahita fa nisy teto izany?**
Tsy fitaka ve ny filazana fa ho ataony 2500 Ar **ny menaka? Rija RASOLONDRAIBE angamba nahazo** 1 **litre tamin'izany**.
Tsy lainga ve ny filazana fa eny ambony sambo ilay TRAMWAY? Sa ingahy RIJA RASOLONDRAIBE nandeha tramway niala avy any an-tranony nankeny Mahamasina?
Tsy fampanantenana poak'aty ve ny filazana fa Ambatondrazaka atao ohatran'i Paris? Mety efa tany angamba RIJA RASOLONDRAIBE, **ka nitolagaga nahita an'Ambatondrazaka niova be ka nitovy amin'i Paris**.
Tsy resaka lainga ve ilay hoe midina ao anatin'ny telo andro ny PPN ? RIJA RASOLONDRAIBE angamba mety mbola mahita menaka 4500 Ar **raha izany**.
Tsy fampanantenana poak'aty ve ilay filazana fa hanangana orin'asa mpamokatra Éthanol? Ny vato fototra vita fa ny orin'asa tsy hay hoe aiza! Mety mahita an'izany orin'asa izany angamba RIJA RASOLONDRAIBE tsy omeko tsiny.
Tsy fampanantenana poak'aty ve ny filazana fa ho azontsika alohan'ny 26 **juin efa ela ny Ιles Éparses? RIJA RASOLONDRAIBE angamba efa nanao vacances tany**.
Tsy fampanantenana poak'aty ve ny **filazana fa hitsangana ny orin'asa Gasy Car**, **nefa aiza? Lainga anie izany r'ingahy RIJA RASOLONDRAIBE e!**
Tsy lainga ve ny filazana fa ahazo ordinateur isampokontany nefa na machine a calculer aza tsy nozarainy? Mety nahita an'izany tany amin'ny fokontany angamba RIJA RASOLONDRAIBE tamin'ny naka fifindramonina.
Tsy resaka habobo ve ny filazana fa ho hakariny 400 **megawatt** ny **tanjaky ny herin'aratra**, **ka ho foana ny delestage**. **Mipetraha herinandro eto ianao RIJA RASOLONDRAIBE dia ho hitanao a!**
Namana RIJA RASOLONDRAIBE, **santionany ireo**, **ampahany vitsy ka tsy haiko hoe toetra takian' Andriamanitra manokana mihintsy ve ny fahaizana mandainga**, **fahaizana mamitaka**, **fahaizana manambaka**, **fahaizana mampiesona? Olona mahay ireo notanisaiko ireo ve no atao hoe olom-boahosotra? Hafa kely a! Sao mba Andriamanitra hafa no resahinareo fa raha ilay Andriamanitra ivavahanay aloha no asiana resaka dia tena anisan'ny fahotana mahafaty ireo toetra notanisaiko ireo e**. **Olona ohatran' izany no hirariana ho ela fanapahana eto tsy ho very aiza ity firenena**, **efa nampidiriny kizo isaky ny mahazo fahefana izy**. **Andriamanitra hafa RIJA RASOLONDRAIBE resahina a** !

Veloson Theophile
Androranga Toamasina

TONONKALO

FETIFETY TSY HAHAVOKY

Fetifety tsy hahavoky , izany indray no anasana
Sy entina anampena-maso ny mahantra eto an-tanàna ?
Aoka izay ny fitapitaka , aoka izay ny vandivandy.
Mbola tsy fotoana izao anaovanao propagandy !

Fetifety tsy hahavoky no hanodinana ny saina
Sy entina mandrebireby ireo vahoaka mitaraina ?
Volabe an-tapitrisa no nafafy ho amin`izany ?
Tsy naleo natao sakafo mba ho anay tanàna ambany !

Fetifety tsy hahavoky no natao mba hidedahana ?
Tena hita ianao mpitondra fa madiva ho lany fahana,
Ka ny zavatra mirenty tsy mitera-pandrosoana,
Izay no tianao imasoana sy andanianao ny fotoana !

Fetifety tsy hahavoky sy afomanga indray mihelina,
Nefa raha fahoriana efa mangidy sy tsy telina ?
`Zay atao mba saino ihany ry mpitondra firenena,
F`efa tena maro loatra ny bontolo sy hagegena !

Fetifety tsy hahavoky nampiasana hafetsena:
Mody nitondrana am-bavaka an`izato firenena,
Kanjo niova ho fandihizan-dry tsy misy kalitao ?
Very ianao ry firenena raha mitohy ny toy izao !

DADAN`i RIANA (21-06-22)

Zazah Ramandimbiarison

Potika sy simba ny firenena, tsy hita ny fitondrana

Naneho hevitra momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray, ny Praiministra lefitra teo aloha Zaza Ramandimbiarison.
"Aiza ianao Rafanjakana? Mihorohoro tanteraka Madagasikara malalantsika ankehitriny satria mikorontana izay tsy izy ny fiaraha-monina nefa ao anatin'ny fankalazana ny fahatsiarovana ny andro nahazoana ny fahaleovantena. Sa tonga ny □26 juin□, andro fety sady tsy fiasana dia « Ampirevy ny Vahoaka » indray Rafanjakana dia resy lahatra, fa hohadinon' ny vahoaka tsy manana safidy, ny fahoriana iainany isan'andro isan'andro?
Aiza ianao Rafanjakana? Miaina ao anatin'ny tebiteby ny vahoaka Malagasy ankehitriny. Mandry tsy lavo loha ary very fanahy mbola velona. Toy ny tany tsy misy fanjakana intsony, tsy misy ianteherana intsony. Miaina ao anatin'ny horohoro sy ny tahotra tanteraka ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Be dia be no anton'izany. Ny eto Antananarivo sy ny manodidina dia ilay resaka hala-jaza, fa indrindra ny mahazo ny vehivavy no tena miteraka savorovoro. Matahotra izay tsy izy ny ray aman-dreny ary mandry tsy lavo loha isan'andro isan'andro. Ny sekolim-bazaha eto Antananarivo ary dia ambenan'ny polisy tao anatin'ny iray volana izao, noho ny hala-jaza sy fakana ankeriny ankizy vavy izao. Tsy eny amin'ny sekoly ihany no ahitana mpiambina manokana, izay ahitana zandary sy polisy fa amin'ireo orinasa sasantsasany koa. Miaina ao anatin'ny horohoro sy ny tahotra tanteraka ny vahoaka Malagasy noho ny tsy fisian'ny fandriampalemana.

Mampihorohoro ny vahoaka koa ny fihanaky ny rongony maherivaika izay miparitaka izay tsy izy. Hatramin'ny tanora vao erotrerony no voasarikin'ny fidorohana rongony ity sy ny fandraisana "cocaine", saika manerana ny toerana maro. Vokatr'izany, ireo fakana ankeriny tovovavy sy ny korontana sosialy eto Antananarivo izao. Tsy vitan'izany fa mitarika fikorontanana eo anivon'ny tanora ity raharaha ity, satria fantatra fa izany no mahatonga ny fanompana olona ao anatin'ny "facebook" misy ankehitriny izay ataon'izy ireo. Tsy misy fifanajana intsony. Very hasina ny tanora nohon'ny fahantrana lalim-paka.
Mihorohoro tanteraka i Madagasikara malalantsika ankehitriny satria mikorontana izay tsy izy ny fiaraha-monina. Ny fangalarana sy ny sito-mahery ary ny famonoana olona dia tsy tenenina intsony. Mandravarava ny mpamaky trano, ny mpangaro-paosy sy ny mpanao sinto-mahery. Toy izany koa ny famonoana olona izay miha-betsaka.
Mihorohoro ny tanàna satria midangana izay tsy izy ny vidin'ny entana ilana amin'ny fiainana andavanandro. Be dia be ny olona tsy mihinana sakafo raha tsy indray mandeha isan'andro ankehitriny. Matahotra ny fiakaran'ny vidin-tsolika izay tsy maintsy misondrotra atsy ho atsy ny vahoaka. Hiakatra ny saram-pitaterana rehetra na ny olona na ny entana, ka tsy maintsy mbola hiakatra indray ny vidim-pianana. Mampatahotra ny ho avin'ny vahoaka ary mampanahy ny fiainana ho avy.
Ny any amin'ny faritra indray dia mihorohoro ny olona noho ny halatra taova. Mitaintaina andro aman'alina ny olona varira, satria angalarina ary esorina ny masony. Mitaintaina izay tsy izy ireny. Tsy ireo ihany fa ny fanaovana "kidnapping" amin'ny faritra maro dia mampihorohoro mafy ny vahoaka koa.
Tsy rariny intsony e! Potika e!, Simba e!, Rava e! Mangirifiry e! Mahantra, fa aiza ianao Rafanjakana? Misy farany ny zavatra rehetra a!"

Nangonin'i Stefa

Ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.